# Ilay Voa Tsara Nafafy 11 Novambra 2020

# 11 **Alarobia** novambra

***(Tenin'i Jesosy :)*** **Mankanesa atỳ amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana.**
Matio 11. 28

**Fa na iza na iza no misotro ny rano izay homeko azy dia tsy hangetaheta mandrakizay ; fa ny rano izay homeko azy dia ho loharano miboiboika ao anatiny ho fiainana mandrakizay.** Jaona 4. 14

**Raha toa...**

*Raha toa ny fiainanao*
*Ka vesaran'ny ratsy vitanao,*
*Sy ny ratsy natao taminao koa,*
*Mbamin'ny ratsy mikiky anao…*

*Raha toa marary ny fanahinao*
*Sy ny fonao ary koa ny vatanao …*
*Raha toa tsy misy kintana ny alinao*
*Ary tsy misy masoandro ny andronao …*
*Raha toa tsy hitanao intsony*
*Ny faran'ny lalanao, raha toa tsy fantatrao intsony*
*Ny lalana tokony haleha …*

*Aza mijanona tsy mihetsika eo.*
*Atodiho ny masonao ho any amin'i Jesosy*
*Izay efa manatsika anao sahady.*
*Atolory Azy ny tananao,*
*Fa efa manolotra ny tanany aminao Izy …*

*Ho hitanao*
*Fa hiverina indray ny herinao,*
*Hamirapiratra hazavana ny masonao,*
*Hisy dikany tanteraka indray ny fiainanao.*
*Ary hamony indray ny fanantenana*
*Ao an-jaridainan'ny fonao.*

*J. Beaulac*